

18 jiona 2010.  
6 Tamouz 5770.

## Ny herin'ny Teny.

« *Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany,* » (Jaona1:12)

«*Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza.* » (Jaona 1: 1-3)

Rehefa nitarika ity izao tontolo izao ity ho any amin'ny loza tsy misy fanantenana ny fahotàni Adama dia azon'Andriamanitra atao ny nanapaka tanteraka ny fifandraisany tamin'ny olombelona; azony natao ny mamaly azy ireo araka ny maha mendrika azy; nibaiko ny anjely handraraka eto ny riakan'ny hatezerany; azony natao ny nanafoana ity tany maloto ity. Saingy tsy nitondra tena ho toy izany ny Tompo. Naleony nanantona ilay taranaka very toy izay nanala ny mpanota tsy hoe eo imasony : natolony ny Zanany Lahy mba ho tahaka ny fisian-tsika ny fisiany, ny nofon-tsika ny nofony. «*Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana* » (Jaona 1:14)

Noho ny fifandraisany tamin'ny olombelona dia nampanakaiky azy tamin'Andriamanitra Izy. Nofonosiny akanjon'ny mahaolona ny fomban'Andriamanitra tao Aminy ka nanaporofa teo imason'ny tontolo eny an-danitra sy izao tontolo izao tsy nanota hoe hatraiza ny fitiavan'Andriamanitra ny zanak'olombelona.

Mihoatra lavitra amin'ny fanombatombanana rehetra ny fanomezan'Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona nolavina ho an'ny mponin'ny tany. Tsy navelan'ny Tompo hisy hilaza fa tokony mbola nanao mihoatra izay efa nataony Izy na hanambara amin'ny tarank'olombelona fitiavana hafa mihoatra izay efa nitiavany azy. Natolony azy ny lanitra manontolo tamin'ny nanolorany ny Zanany.(JC, p.366-368).

Tsy zavatra azon-tsika amin'ny alalan'ny tenan-tsika manokana ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Izay manaiky ny Tompo ho Mpamonjy azy ihany no hahazo ny hery ho tongazanaka lahy na zanaka vain'Andriamanitra.(Sons and Daughters of God, p 12). Tsy azon'ny olona voaloton'ny fahotàna hatao na oviana na oviana ny hihavana amin'ilay izay tsy misy afa-tsy hatsarana sy fahadiovana. Teo anilan'izany, tsy afaka "nampihavana izao tontolo izao taminy " (2 Kor.5:19) Izy raha tsy tamin'ny alalan'ny Zanany. Rehefa nahavita ny fanavotana ny olona tsy ho tratran'ny fanamelohan'ny lalàna io Zanaka Lahy io dia afaka nanambatra ny herin'ny lanitra amin'ny ezaky ny olona. Ka tamin'izany no nahafahan'ny zanak'olombelona ho tonga zanak'Andriamanitra indray noho ny fiovam-po sy ny finoana ny Mpanavotra. Nilaina ny fiaraha-miasan'ny lanitra manontolo io drafitra io. (Patriarches & Prophètes p.42).

Raha misy fanahy iray mandray an'i Kristy dia mandray koa ny hery hiaina ny fiainany izy. (Paraboles de notre Seigneur p 322).

